



**KABARY NATAON'NY FILOHA DIDIER RATSIRAKA HO
VALIN'NY
KABARY NATAON'NY FILOHAN'NY ANDRIM-PANJAKANA**
(Iavoloha, faha-9 Janoary 1998)



Ry vahoaka malagasy,

Tompokovavy sy Tompokolahy manatrika atrehina,

Andro vitsivitsy lasa izao no nandraisana araka ny fomba samihafa ny taona vaovao 1998. Niarahaba mialoha ny vahoaka malagasy momba izany izahay tamin'ny 31 Desambra tamin'ny valo ora alina.

Koa raha mifanatrika voalohany amin'izao taona vaovao izao isika dia heverinay fa ny voalohan-teny mendrika atao dia ny manao toy ny tsobo-nato amin'ny fifampiarahabana, ka mamerina indroa ny te-hanana ny soa.

Ny arahaba dia atao toy ny masoandro avy andrefana koa mahatsidika ny isam-baravarana. Arahabainay tsy misy avakavaka ny malagasy tsy vaky volo. Arahabainay fa notahian-janahary ka tratr'izao taona vaovao izao. Enga anie ianareo rehetra ka samy ho tojo ny zavatra iriny, ho sehatry ny zavatra tadiaviny samy hanao toy ny fary anatodizan'ny tantely ny androny rehetra amin'ity taona 1998 ity, koa ho mamy ampiana mamy, ho soa tovonana ny soa.

Mifampiarahaba ihany koa isika fa tao anatin'ny taona vitsivitsy dia nifampiarahaba tsy nihaona, nifampirary tsy nifanatrika, fa samy nametsovetso tamin'ny toerana misy azy avy, rehefa tonga ny Asaramanitra toy izao.

Enina taona lasa tokoa mantsy izay no tafahoana teto, tamin'ny antony sy fombany toy izao isika mianakavy. Tsy avy tamintsika anefa izao androany eto izao indray fa noho ny sitrapo sy fitondrana mahagaga ataon'ilay Avo indrindra, izay mandahatra ny zavatra rehetra. Koa atolotsika ho azy anie ny saotra, ny dera ary ny haja ambony indrindra, fa izy irery ihany no mendrika izany.

Ho taom-pitahiana, hahitam-pahombiazana ho antsika rehetra sy ho an'ny Firenena manontolo anie ity taona 98 ity. Dia samy ho tratr'izay ela indrindra anie isika mianakavy!

Ry Ambanilanitra,

Amin'ny fotoanan'ny Asaramanitra toy izao dia tsara ihany ny manaraka ny ohabolana mahazatra manao hoe : "ataovy dian-tàna, todiho ny lasa, banjino ny ho avy"

1 - Momba ny lasa ary : Zava-maro loha no azo ambara momba ny lasa tsy mba fanadino, tsy hamoazam-pota-mandry fa hakana lesona hanatsarana ny ho avy.

Nosy i Madagasikara ary Nosy eo anivon'ny faritra isehoan'ny hetraketraky ny Natoria, mandràva isan-taona, ka anisan'ireny ny rivo-doza, na "cyclone", ny hain-tany, ny andiam-balala.

Momba ny rivo-doza "Fabiola" sy "Gretelle" dia efa nanomboka ny fanarenana maika fa ny fanarenana goavana dia manomboka amin'ity taona ity, araka ny efa nambarako, satria tonga ireo fanampiana betsaka azo avy amin'ny mpamatsy vola avy any ivelany (BAD, FAD, Varotra iombonana eoropeana, Frantsa, sns...)

Ny vary avy amin'ny Firenena sinoa dia efa namidy amin'ny vidiny mirary any atsimo CGDIS, ka 2000F (efa-jato, tahaka ny ety an-drenivohitra no ivarotana azy)

Eto amin'ny andiam-balala koa dia misy indro kely hoy ny mpandrafitra...

Tsy fitiavana hitsikera na hamoa fota-mandry no ilazanay izao manaraka izao, fa filazana ny zava-misy marina mba hampangina ireo mpamafy lainga: Tamin'izahay vao niverina teto an-tanindrazana, tamin'ny volana oktobra 1996, dia efa nanaitra ny mpitondra, ny masoivohom-pirenena vahiny mipetraka eto amintsika sy ireo fikambanana iraisam-pirenena toy ny varotra iombonana eoropeana (CEE) sy ny FAO ets... fa tokony handray fepetra haingana sy hentitra ny mpitondra fanjakana satria nipoitra ny kijeja sy ny andiam-balala ka vola 500 tapitrisa iraimbilanja malagasy monja dia ampy niadiana tamin'izany. Tsy nihetsika ny mpitondra satria nifantoka tamin'ny zavatra hafa ny saina aman'eritreriny, dia ny fifidianana izany. Ny namanay dia efa nanomboka namono parasy, lalitra, moka ary valala tamin'izany fotoana izany. Tsy midera vady mahay mandihy izahay amin'izany fa manambara ny marina. Ka efa tafapetraka teo amin'ny fitondrana indray izahay, ny faran'ny volana febroary 1997, vao nanomboka ny ady mivaivay, nampiasàna vola tsy toko tsy forohany, nanofàna fiaramanidina sy helikoptera, araka ny voalazan'ny Praiministra teo mba hiadiana amin'ny andiam-balala, izany hoe efa tara loatra! Kanefa aleo tara toy izay tsy manao. Hany ka na dia efa vola mitentina 17 lavitrisa iraimbilanja aza no laninay dia tsy mbola resy ny valala fa mbola mitohy ary hitohy ka handaniana vola. Vola avo foloheny noho izany no tsy maintsy tadiavina hamonoana tanteraka ireo valala ireo.

Ary mbola ny tenanay ihany, raha mbola tsy lany Filoham-pirenena aza, no nanaitra ny Komity vonji-taitran'ny Ministeran'ny raharaham-bahiny frantsay ka nangataka vonjy: fiaramanidina TRANSAAL, helikoptera, fanafody sns, sns.. tamin'ny loza nafitsoky ny cyclone "GRETELLE", tany atsimo atsinanana sy tany Maroantsetra.

Ka aoka isika tsy handainga na hiampanga lainga fa hoe tsy nandray andraikitra ity Fitondram-panjakana ity ka tsy mahafaty valala akory! Aoka tsy handainga ianareo mpanohitra na hamoron-dainga na dia ekenay aza ny fisian'ny tsy fitovian-kevitra.

Misy tsy matahotra an'Andriamanitra, sahy mamafy lainga, ka manambara fa nangalatra vola 5 arivo tapitrisa (5 milliards) dolara hono i RATSIRAKA ka napetrany any amin'ny banky izany Japoney "MITSUBISHI" izany. Efa nanambara izahay fa tsy marina izany ary efa io lainga io sy ny hafa koa no namitahana ny vahoaka, nentina nankahala anay, 6 na 7 taona lasa izay. Omenay anareo amin'ny teny frantsay afaka fotoana fohy ny porofo fa lainga, lainga ary tena lainga izany !

Ny hany mba tianay isintonana ny sain'ny be sy ny maro dia ity :

Aoka mba tsy amin'ny tendrim-po no anaovantsika politika ka midika fanenjehan'olona rano vaky fotsiny izao.

Ohatra iray no omeko ampisongadina an'izany, na inona na inona zavatra na fihetsika

na mahasoa ny Firenena aza dia tsikeraina :

Raha nahaton'ny varotra iombonana eoropeana ny fanondranana makamba sy ny vokatry ny jono an-dranomasina dia nahazo telegrama avy amin'ny governemanta izahay mba hampiasa ny fahafantaranay olona ambony maro mba hamahana izany "problème" izany. Dia voavaha ny olana. Inona ary no fahotako raha nanao izany aho, ka nitenenan'ny sasany ho tsy tokony hiditra amin'izany RATSIRAKA fa raharahan'ny governemanta izany.

Dia izao no fanontaniana apetrako : Mandeha amin'ny fiarakodia ny ben'ny tananan'Antananarivo ka mahita vaki-tavoahangy betsaka eo anivon'ny arabe. Inona no ho lazainy amin'ny saoferany : mivilia an-kavia sa an-kavanana sa ilaza izy hoe : "Ndeha esorintsika teo ireo vaki-tavoahangy ireo fa mety mampidi-doza satria ben'ny Tanana aho ka tompon'andraikitra voalohany eto. Dia nataony tokoa izany, isorohana ny loza mety hitranga eo amin'ny fifamoivoizana. Dia ity ary ny fanontaniana : mpanao politika iza, na mpanao gazety iza no sahy hanome tsiny azy ka hilaza hoe : inona koa no hidiran'ny Ben'ny Tananan'Antananarivo amin'izany fa andraikitra ny "voirie" io?? Ataoko fa tsy misy olona na iray aza hanome tsiny azy na hanameloka azy.

Ka inona ary no hitsikerana an-dRATSIRAKA raha manao asa na fihetsika anasoavam-pirenena tahak'izany izy?

Koa raha manatanteraka ny teny nomeko aho, na fampanantenana nataoko dia atao dika vilana hatrany ny asanay. Fa inona ary izany zava-tanteraka izany?

Nanira-tena izahay tany Washington, Paris, Bruxelles, Luxembourg, hanome lanja ny hevitra ny malagasy sy ny fanatanterahana ny fiovam-penitra sy fifanarahana natao tamin'ny mpamatsy vola vahiny. Anisan'izany ny FMI, Banque Mondiale, Varotra iombonana Eoropeana, ny fiaraha-miasa amin'i Frantsa sy Etazonia ka nahafahanay nifampidinika tamin'i Madame ALBRIGHT, "Secrétaire d'Etat" amerikana ary nihaona in-telo miantoana tamin'ny Prezidà frantsay Andriamatoa CHIRAC, ets..Nahitam-bokany avokoa izany kanefa dia lazain'ny sasany fa mitsangatsangana na marary i RATSIRAKA.

Soa ihany fa misy ilay ohabolan-drazana manao hoe : "Ozonin-ko faty vao ela velona".

Araka ny efa nambaranay folo andro lasa izay dia nioharantsika daholo ireo tanjona voafetra tokony ho tratrarina tamin'ity taona ity araka ny teny nataonay hoe : "tokony handeha lavidavitra kokoa noho ny DCPE isika"; nihoatra ny 3,7 isan--jato ny fitombon'ny harim-pirenena raha 3 ny salan'isa tokony ho tratrarina.

Voafehy ihany koa ny fidangan'ny vidin-javatra ary anisan'izany ny vidim-bary. Nahatratra 2.800 Fmg ka hatramin'ny 4.000 Fmg ny kilaom-bary tamin'ny volana novambra 1996 ohatry ny tany Taolagnaro, kanefa eo amin'ny manodidina ny 2.000 - 2.200 fmg izy izao na dia "période de soudure" aza izao.

Nekenay tanteraka, tamim-panetren-tena, fa mbola tsy tonga lafatra ary tsy tafapaka any amin'ny vahoaka daholo ny fanatsarana entin'ny fiarenan-dohan'ny toe-karena, ary ekenay torak'izany koa ny tenin'ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena teo. Na izany na tsy izany aza dia ohatra vitsivitsy ihany no omenay mba ampisongadina izany fiatsaran'ny toe-karena izany :

- Taona 1995 : 49 % ny "inflation" na fidangan'ny vidim-piainana, kanefa dia 6,7% izy tamin'ny 1997 iny ary antenaina hidina 6 % izany amin'ity taona ity.

Ny momba ny zana-bola fototra na "taux directeur"-n'ny "Banque Centrale" (banky foibe) ohatra, dia 33% izy tamin'ny 4 Avrily 1995 kanefa dia nidina 9 % izy tamin'ny volana desambra 1997.

Ary raha ny tahiry vola vahiny na "devises" ao amin'ny banky foibe fotsiny (tsy ao anatin'ny tahiry amin'ny banky tsotra), mba ahafahana manafatra entana "réserves en devises pour l'importation", dia mahatratra 15 herinandro raha 9,7 herinandro ny tanjona tao amin'ny DCPE.

Izahay tsy milaza fa lavorary sy tanteraka izany rehetra izany, fa manomboka miharin-doha tsikelikely ny toe-karena ka mampisy fanantenana vaovao, izay tsy azo hodian-tsy hita.

Milaza ny iaraha-mahita izahay raha miteny fa tonga ary niasa ara-potoana ny "scanner" sy ny "laser ophtalmique" ao amin'ny hopitaly miaramila ao Soavinandriana. Dia lazain'ny mpanaratsy indray fa ho an'ny vadiko hono no nanafarana an'ireo fitaovana ireo. Kanefa mila tsy aharaka aza ny dokotera ao amin'ny HOMI noho ny habetsahan'ny marary tonga ao indrindra fa ny mpiasam-panjakana.

Momba ny lemak'Antananarivo, asa raha tonga teto ny ministra frantsay momba ny fiaraha-miasa na tsia, nitokana ny "station de pompage"-n'Ambodimita. Asa raha notokanana soa aman-tsara ny "complexe sportif"-n'i Mahamasina. Asa raha notokanana soa aman-tsara ny "Station terrienne" teny Ivato. Ianareo vahoaka no mitsara!

Vao teo indrindra moa ny masoivohon'i China entim-bahoaka, izay doyen (ela niasana indrindra)-n'ny "corps diplomatique" no nilaza fa fahombiazana lehibe sy reharena ary voninahitra ho an'i Madagasikara ny nahavitana ara-potoana sy ara-dalàna ny lalaon'ny "Francophonie". Sa misy koa ny sahy hilaza fa sady tsy fahombiazana izy iny no tsy nahazo "médaille" volafotsy i Madagasikara ?

Vao tsy ela akory no noraisintsika tamin'ny fomba manetriketrika Andriamatoa RAKOTONINDRINA Parfait, izay tompon-daka eran-tany voalohany malagasy amin'ny taranja "boxe française". Izany no ilazanay hoe: azo antoka ny fandresena ary marim-pototra ny fanantenana vaovao, na dia mbola lavitra sy màzana aza ny dia, satria ny saina vonon-kiady amin'ny fahantrana no antoka voalohan'ny fahombiazana.

Ry vahoaka malagasy,

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Mbola lavitra ny dia hoy isika teo, koa izany indrindra no nanosika anay nangataka ny fiaraha-miasa sy fiaraha-mientan'ny tsirairay ary ny fampitsaharana ny adilahy politika, mba hampisy ny fahatonian-tsaina sy ny fandriampahalemana, satria izany, miaraka amin'ny fitokisan'ny mpamatsy vola iraisam-pirenena antsika, no zava-dehibe hampahomby ny fampandrosoana ary hisarika sy hamporisika ireo mpanam-bola tera-tany na vahiny hampiasa ny volany eto Madagasikara.

Nangataka ny tolo-kevitra avy amin'ny antoko politika rehetra ary ny mpitondra fanjakana, momba ny fanitsiana ny Lalampanorenana, izay hetahetan'ny maro an'isa izahay. Marobe ireo antoko naneho ny heviny sy nandefa tolo-kevitra. Nalaina koa ny hevitra ny vahoaka sy ny solom-bavam-bahoaka. Tsy vitan'izany ihany fa, ho fanatanterahana ny teninay nanao hoe : "Aoka isika hiaraka, hifanome tana,

hifarimbona ary hifamela, mba hampiroborobo ny toekarentsika, ho an'ny tombotsoan'ny Tanindrazana iombonana!"- ny ohatra moa tsara raha miainga avy aty an-tampony - dia mbola nasainay hifampidinika an-kitsipo sy amim-pirahalahiana ny lehiben'Antoko rehetra tsy misy avakavaka, satria zava-dehibe loatra izany Lalampnanorenana izany ary sarotra dia sarotra ny mandravona ny hevitra rehetra tsy mitovy.

Fa hoy ny ohabolan-drazana : "Ny raharaha hono tahaka ny zavona, raha alavirina maizina, raha akaikezina mazava". Noho izany dia isaoranay ampahibemaso etoana ireo antoko sy ny lehibeny rehetra, tonga teto amin'ny Lapam-panjakan'Iavoloha, tonga nanohina ny antsonay. Sitraka enti-matory izany, Tompokovavy sy Tompokolahy, ka hovaliana isaky ny mahatsiaro. Tsy voninahitra ho an-dRATSIRAKA izany fa voninahitra ho anareo sy ho an'i Madagasikara !

Satria ny tsihy hono no fola-mandefitra, fa ny olona tsy fola-mandefitra.

Izahay moa efa mazàna mandefitra manana ny rariny ary efa nilaza koa fa tsy hanao valifaty na lolom-po. Kanjo misy ihany ny mpanao politika, toa tsy mijery izany hoe tena tombontsoam-pirenena izany fa mijery ny tombotsoan'ny tenany manokana, !

Ka miala tsiny, miala fondro, miala salohy fito izahay, raha manome tsiny an-drizareo ireo etoana, satria tafahoatra loatra ny fankahalany anay! Aiza ve rê Tompoko, Lalampnanorenana, raharaham-pirenena no nanasanay an-kitsipo, hifanapatapak'ahitra sy hifanakalo hevitra amim-pirahalahiana, fa tsy hanapa-kevitra, dia mitaky "terrain neutre" hono ry zareo? Tokony ho tany amin'ny "Hilton" hono no natao ny fivoriana.

Mahagaga, mahatalanjona, eny, mampalahelo mihitsy ny fihetsika toy izany satria raha tsara ny fahatadidiavako azy dia teto amin'ity Lapam-panjakana, Lapam-bahoaka ity no fandraisan'ny Filoha teo aloha ny olo-manan-kaja sy vahoaka maro isaky ny Asaramanitra toy izao, na isaky ny 26 jiona, fetim-pirenena malagasy...Mbola tadidiko aza ny fotoana iray izay nilazan'ny mpandahatra hoe : "mahaiza manetsa Ravaly fa tsy mitovy ny anio sy ny omaly".

Ny filoham-pirenena tamin'izany dia nanao kabary tamin'ny teny frantsay fotsiny fa tsy nisy teny malagasy.

Teto izany, koa rehefa tafaverina eto Ratsiraka dia lasa tsy "terrain neutre intsony ity...

Koa raha ny raharaham-pirenena, no dinihina sahala ny any amin'ny Firenendrehetra, dia eny amin'ny Lapam-panjakana foana no anaovana an'izany.

Fa raha i RATSIRAKA no tsy tiana, dia zon-dry zareo izany satria ny fitiavana tsy azo atao an-tery, fa aza lazaina fa tsy "terrain neutre" ny Lapam-bahoaka - Lapam-panjakana eto Iavoloha ka tsy misy hasiny noho ny "Hilton"!

Ianareo vahoaka sy ny tantara no aoka hitsara !

Ry vahoaka malagasy,

Tompokovavy sy Tompokolahy,

2 - Izay ny momba ny lasa. Inona kosa ary ny momba ny ho avy ?

Aoka hazava ny resaka hoy ny namantsika izay.

Efa nanomboka, Tompoko, ny fanorenana ny trano ary hiaraka amin'izany, mazava ho azy, ny "dispensaire". Ny ministeran'ny paositra izao dia efa nahavita trano 240 (40 isaky ny renivohi-paritany) ary efa ipetrahan'olona. Ny ministeran'ny fitaterana na ny seranan'i Toamasina dia efa nahavita trano 60 ao Toamasina ary ho tokanana amin'ny volana febroary ho avy izao miaraka amin'ny fanitarana ny seranam-piaramanidina ao Toamasina. Ny asa eny Vontovorona dia efa mandroso ary hidina any Toamasina hanatanteraka ny fanaovan-trano, ozinina sy hopitaly any Toamasina ny havantsika maleziana.

Ny "émetteur"-na "antenne parabolique" nampanantenainay dia efa nafarana ka aza matahotra ianareo any Moramanga, Mananjary sns... fa hahita ny "Coupe du monde" amin'ity.

Momba ny karaman'ny mpiasa, amin'ny maha-Ray aman-dReny anay, araka ny voalaza ao amin'ny Lalampnanorena, dia manome izao tolo-kevitra ho an'ny Governemanta tahaka izao izahay :

Koa satria "10,5 %" -n'ny kitapom-bola natokana ho an'ny karama ("masse salariale" ihany) no zakan'ny fitondrana, dia aoka mba ho any amin'ny 7% any ho any ny fison-drotan'ny karama farany ambony eo amin'ny mpiasam-panjakana, ka ho 15% any ho any ny an'ny karama farany ambony ary mba ho any amin'ny 25% any ho any ny SMIG... Tolo-kevitra ihany izany fa raha mahavita tsara noho izany ny Governemanta dia arahaba soa, arahaba tsara.

Momba ny "privatisation" indray, na fisintahan'ny fanjakana amin'ny orinasa, dia izao ny hevitrany, mba hisian'ny mangarahara sy ialàna amin'ny ahiahy tsy ihavanana :

Voalohany : Ny orinasa "privé", izay hividy ilay orinasa, dia tokony hahazo ny antsasa-manila (majorité) fara-faharatsiny. Izany no atao hoe : "privatisation".

Faharoa : Ny fanjakana kosa dia tsy voatery mihitsy ny hiala tanteraka amin'ilay orinasa. Azo atao tsara ny mitana 49% na 10% na 5%-n'ny petra-bola. Fa ny tsara dia kely araka izay azo atao.

Saingy izao, ity no hevitrany Ray aman-dRenin'ny Firenena :

Fahatelo : Ny mpiasan'ilay orinasa dia tokony ahazo mividy ampahany amin'ny petra-bola (actions).

Ary farany, fa mafonja dia, ho fanamafisana ny Firaisam-pirenena, dia tokony ahazo mividy ampahany misimisy amin'ilay orinasa, indrindra fa ireo orinasa goavana, ny malagasy rehetra manerana ny Nosy.

Izany no atao hoe : mpanao petra-bola madinika na "petits porteurs", ka mba ho ambony araka izay azo atao ny vidin'ny petra-bola mba ahafahan'ny malagasy madinika mividy izany petra-bola na "actions" izany, fa tsy ny ngezalahy ihany no ho afaka hividy izany.

Koa ho fanatanterahana izany dia tokony ampahafantarina ny malagasy rehetra amin'ny fomba rehetra izany, ara-potoana ary isam-paritra. Ary tokony hisy toerana na "guichet" ahazoan'ny malagasy any ambanivohitra any mividy ilay petra-bola fa tsy ho voatery hiakatra aty amin'ny renivohi-paritany izy ireo vao afaka manao izany, ka ny vola tokony hividianana ny petra-bola no ho lany amin'ny saran-dalana sy ny hotely.

Amin'izay dia mba samy ho tompony daholo isika malagasy, afaka na te-hanao izany.

Ohatra roa no omena, hampazava ny tian-kambara :

Tsy misy malagasy afaka hividy ny "solima" manontolo ohatra fa kosa, tokony afaka mividy ny "station d'essence", izay tantanany amin'izao fotoana izao, ilay malagasy ohatra.

Raha sarotra amin'ny malagasy any amin'ny Firaisana na Fivondronana lavitra any ny hanatanteraka ny fividianana petra-bola, dia azon-dry zareo atao ny manangana "Fonds de participation" isam-paritra ohatra, na "Tahiry iombonana" dia ny tahiry no mividy ny petra-bola amin'ny anaran'ny mpikambana manontolo.

Farany dia farany, satria tsy betsaka ny mahafantatra azy dia ity :

Ho an'ny mpiasan'ilay orinasa sy ho an'ny mpanao petra-bola malagasy madinika dia toy izao ny fandehany :

Ny "action" na petra-bola ho vidin'ny mpiasa sy ny malagasy madinika dia atao 20% latsaka ambanin'ny vidin'ny "action" na petra-bola ho an'ilay tera-tany na vahiny ngezalaha izay mividy ny antsasa-manila. Ohatra, raha 100F ny "action" iray ho azy dia 80F (eninambinifolo) kosa no hividianan'ny mpiasa malagasy madinika ilay "action". Ka misy "Fonds de portage" hajofo haingana mizara ireo "action" na petra-bola ireo. Ka ny mpiasan'ny orinasa, tsy mividy tolo-botsotra, fa mandoa tsikelikely ao anatin'ny telo taona.

Ary ny malagasy madinika koa dia tsy ampandoavina tolo-botsotra fa mandoa tsikelikely, ao anatin'ny 12 volana, any amin'ny "fonds de portage"-n'ny fanjakana. Ka io "fonds de portage" io dia ny fanjakana no hametraka azy ary eo amin'ny 100 Millions de francs raha tsy diso aho no kapitaly na renivola apetraka ho an'izany.

Izay no izy, Tompokovavy sy Tompokolahy. Koa ataoko fa mazava ny momba an'io "privatisation" io. Fa raha mbola misy tsy mazava dia afaka ary tokony mbola manazava bebe kokoa ny ministry ny "privatisation", ka izy no handiso anay raha misy tsy mety ny teninay.

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Toy izao kosa ary ny mikasika ny fanitsiana ny Lalampanorenana.

Izay nitady toerana amin'ny fitakiana "remaniement ministériel" na fanamboarana ny Governemanta dia ho diso fanantenana satria tsy hisy izany alohan'ny fifidianana.

Satria vao notapahinay, tao amin'ny filankevitry ny ministra, fa amin'ny faha-15 Marsa 1998 no hatao ny fitsapan-kevi-bahoaka satria ny 8 Marsa dia andro iraisam-pirenena natokana ho an'ny vehivavy.

Mazava ho azy fa ny fifidianana solombavambahoaka dia tsy maintsy hatao ao aorian'ny "Référendum".

Mikasika ny "Référendum" dia aoka tsy hisy malagasy na iray aza ho diso hevitra noho ny fitaka mety hataon'ny sasany.

Voalohany : Tsy fihodinana fahatelo tamin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika no hatao amin'ny faha-15 Marsa fa safidy momba ny fanitsiana ny Lalàna fototra na ny "Constitution".

Raha nanao fanitsiana, na "révision de la Constitution" ny professeur ZAFY Albert

ka nampanao "Référéndum", momba izany fanitsiana metimety ho an'ny tenany izany, dia fanovàna tanteraka ny "Constitution" no nataony, ary tena "Constitution" vaovao mihitsy na Lalampanorenana vaovao mihitsy no lany tamin'ny 1995 raha oharina amin'ny "Constitution" tamin'ny 1992, satria ny Lalampanorenana voavolavola tamin'ny "forum" ka lany tamin'ny 1992 dia "Constitution" miasa amin'ilay atao hoe "régime parlementaire intégral"; Ny "Constitution" lany tamin'ny 1995 kosa dia "Semi-parlementaire" na "Semi-présidentielle".

Tsy misy afaka mandà izany. Kanefa tsy nisy filazana fa hoe : raha ny "tsia" no mandresy dia tsy maintsy mametra-pialàna ny profesora ZAFY Albert ka tsy maintsy misy fifidianana Prezidan'ny Repoblika vaovao. Fa raha izay no izy dia nampanao "tsia" izahay.

Nefa tsy nampanao "tsia" izahay satria noheverinay fa nety ny nataony satria ny "régime parlementaire" tamin'ny "Constitution 1992" dia zavatra notefitefena hanesorana an-dRATSIRAKA fotsiny fa tsy enti-mampandroso an'i Madagasikara.

Ary raha ny "tsia" no lany teo dia tsy nitaky ny fialan'i Profesora ZAFY Albert izahay satria lany tamin'io "Constitution 1992" io izy.

NY ARA-DALANA SY NY SOA HO AN'NY FIRENENA HATRANY NO IMASOAN-DRATSIRAKA FA TSY FITADIAVAN-TSEZA.

Faharoa, nanao fanitsiana fototra mihitsy na "révision fondamentale" ny "Constitution" ny filoha teo aloha. Koa dia nahoana kosa ny filoha ankehitriny mpanomponareo no tsy afaka hanitsy sy hameno ny banga amin'io Lalampanorenana io ?

Satria tsy "Constitution" vaovao ohatry ny azy no novolavolain'ny teknisiana fa fanitsiana sy fanatsaràna ny "Constitution" tamin'ny 1995.

Fahatelo : Misy milaza fa tsy azo atao hono ny mandroso zavatra na "texte" roa amin'ny "Référéndum". Fa andininy fahafiry amin'ny Lalampanorenana moa no mandrara izany ?

Izahay, raha mbola azo atao ihany, dia mitana ny teny nomenay, ka ny fikasanay dia ny hanasoa ny Tanindrazana ary hanome safidy malalaka ny vahoaka malagasy, ka miainga avy amin'ny Lalampanorenana ankehitriny dia mihevitra izahay fa tokony ho safidy mazava anankiroa no atolotra ny vahoaka. Fa ny "Eny" sy ny "Tsia" dia fahazarana fotsiny ihany, kofehy manara-panjaitra ny tandrefana fotsiny isika amin'io, maka tahaka. Ary raha tomorina akaiky anie dia "Constitution" anankiroa ihany no natolotr'i Profesora ZAFY tamin'ny 1995 e!

Na ianareo manao "Eny" dia ity "Constitution"-n'ny 1995 ity no lalàna fototra mifehy ny Firenena ary izaho ZAFY Albert no filohanareo manendry ny praiministra ao anatin'ny "régime semi-présidentiel";

Na ianareo manao "Tsia" dia ny "Constitution"-n'ny 1992 ihany no tanantsika, dia mbola izaho ZAFY Albert ihany no filohanareo fa "régime parlementaire" no izy ka ny depiote no mifidy ny praiministra.

Koa inona no maha-samihafa an'izany amin'ny hoe : ity ny fanitsiana sy fanatsaràna A na voalohany ny "Constitution" ankehitriny, ity ny fanitsiana sy fanatsaràna B na faharoa, ka iza amin'izy ireo ry Malagasy no fidinareo ?

Ary ny voalohany dia fanitsiana sy fanatsaràna vitsivitsy fotsiny sy tena ilaina no ao anatin'ny fa ny faharoa dia miditra amin'ny lalindalina kokoa ao amin'ny fanitsiana sy

fanatsaràna.

Ary satria tsy miova Repoblika isika fa ny "Constitution"-n'ny Repoblika fahatelo nahalany azy ihany no manankery, dia tsy hitanay no tokony hilan'ny Filohan'ny Repoblika handany vola, hanao fifidianana Filohan'ny Repoblika indray. Zavatra efa nitranga izany.

Fa ny anay mangarahara ary mazava ny safidy.

Azonay natao ny milaza hoe : ity ny fanitsiana ny "Constitution" (Lalampanorenana) ankehitriny;

Raha ekenao izany dia mandatsaha ny vato "eny". Raha tsy ekenao izany mandatsaha vato "tsia", tahaka ny tamin'ny 1995, ary na ny "eny" na ny "tsia" no mandresy, ny Prezidàn'ny Repoblika dia mijanona amin'ny toerany ihany satria lany tamin'io "Constitution" tamin'ny 1995 io izy.

Tsy te-hanao izany anefa izahay satria ny fanirian'ny be sy ny maro dia ny hanitsiana sy hanatsaràna io Lalampanorenana io ary tena ilainy izany.

Ohatra roa no porofon'izany :

- Raha banga ny toeran'ny Prezidàn'ny Repoblika amin'izao "Constitution" izao dia ny Prezidàn'ny "Sénat" no misolo toerana azy vonjimaika. Kanefa tsy mbola misy ny "Sénat" (Antenimieran-doholona). Dia misy ny banga satria tsy voalaza ao anatin'ny "Constitution" ankehitriny ny tokony atao. Dia hitady hevitra indray ve ny HCC, ka ny praiministra izay tsy voafidim-bahoaka no atao filoha vonjimaika? Ary raha tsy misy moa ny praiministra lefitra, ka banga koa, sanatria anie izany, ny toeran'ny Praiministra, dia iza no tokony ho filoha vonjimaika, ny ministry ny fitsarana sa ny ministry ny atitany sa ny an'ny fiarovana ?

Misy izany ny banga (lacune) ao amin'io Lalampanorenana io, ary mety mampidi-doza satria mety alaim-panahy ny praiministra hanongana ny Prezidàn'ny Repoblika.

Fa na misy aza ny "Sénat", ka banga ny toeran'ny Prezidàn'ny Repoblika, sanatria anie izany, dia ny filohan'ny "Sénat" no Prezidà vonjimaika;

Ka raha misy lozam-piarakodia na fiaramanidina, ka voan'ny "accident" miaraka ao, sanatria anie izany, ny Prezidàn'ny "Sénat" sy ny Prezidà lefitra rehetra, inona no atao?

Misy banga tsy maintsy fenoina io "Constitution" io ary tsy maintsy "Référendum" ihany no azo hamenoana izany banga izany satria mbola tsy vita ny fifidianana ny "collectivités décentralisées", mbola tsy mipetraka ny "Sénat";

Farany : Tsy mazava mihitsy ny fifandraisana sy fizaram-pahefana misy eo amin'ny fanjakana foibe sy ny vondromparitra mahefa ankehitriny. Tsy fantatra moa na mahefa inona izy ireo satria misavoritaka be ihany ny raharaha. Iza no mitantana ny 302 Millions isaky ny fivondronana ? Tsy ny depiote, hoy ny HCC.

Tsy misy manaraka anefa izany didy izany.

Betsaka ny "Commune", 30 mahery, tsy misy "Maire" na ben'ny Tanàna, tsy misy vola andoavana ny karaman'ny "maire" sy ny "conseillers municipaux". Tsy ifankahitana ny zava-misy amin'ity "constitution" ity. Praiministra efatra no nifandimby tao anatin'ny efa-taona, ministry ny vola dimy, sns, sns...

Ka hoy izahay hoe :

Ho an'ny Tanindrazana, noho ny tombontsoa ambonin'ny Firenena, ary ny maro an'isa dia manaiky izany amin'ny fo sy saina tsy miangatra :

Tsy maintsy asiana fanamboarana, fanitsiana na fanatsaràna haingana ny Lalampanorenana, mba hisian'ny fahatoniana (stabilité) sy fandriampahalemana, mba hisy ny fitokisan'ny mpanam-bola malagasy na vahiny hampiasa ny volany eto, mba hampandroso haingna an'i Madagasikara malalantsika ity.

Ka aoka re, tsy tendrim-po tsy mba namana na fijerena tavan'olona no itondrana ny raharaham-pirenena e!

Mialoha ny farany, dia misy ohatra iray omeko anareo. Ny ohatra any ivelany moa toa ankatoavintsika kokoa noho ny ohatra avy eto an-toerana : 1958, nisy référendum, mbola mpianatra izahay tamin'izany fotoana izany ary tonga taty Madagasikara mihitsy nampanao ny "tsia". Lany ny "Constitution"-n'ny "Vème République française" taty aoriana, ary "suffrage universel indirect" izany hoe "collège électoral" : depiote, "sénateur" sy ny sisa no nandany ny filohan'ny Repoblika tamin'izany fotoana izany dia ny Général DE GAULLE.

Tamin'ny 1962 dia nanapakevitra izy handroso eo amin'ny safidim-bahoaka (référendum) hoe : manomboka izao, ny filoham-pirenena dia tokony ho laniana amin'ny "suffrage universel direct" ka ny vahoaka no tompon'ny fahefana. Lany izy. Niala ve ny "Général de Gaulle" ? Tsia, Tompoko, notaperiny hatramin'ny farany ny "mandat"-ny ary tamin'ny taona 1965 izy vao nampihatra iny lalana iny. Raha ohatra ka nisy fahabangana moa talohan'izany dia efa nampihariny iny lalana iny, izany hoe, tsy voatery niala izy na dia niova tanteraka aza ilay "Constitution"-n'ny "Vème République" frantsay iny.

Ry Malagasy Mpiray Tanindrazana,

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Izay no ela fa raha akapoka izay voalaza rehetra izay dia azo ambara fa ny fisian'ny hevitra samihafa dia mifanojo amin'ny ohabolana hoe : "Ny fitia sora-damba ka samy manana ny tiany".

Ny fifandeferana anatrehana an'izany dia mifanojo amin'ny hoe : "Ny omby indray mandry tsy indray mifoha".

Ny fifanajana noho izany dia mifanojo amin'ny hoe : "Ny hevitra tera-bary ka samy manana ny azy".

Fahasoavana ho an'ny Firenentsika ny tsy fitovian-kevitra, harena ara-tsaian ireny, ka aoka isika hahay hifehy izany amim-pifanajana fa sanatria tsy hidoka tena toy ny vorontsilozana : "siahina kely dia midoroboka".

Ny taon-trano hono tsy vitan'ny irery. Koa maika fa ny Firenena ?

"Asa vadi-drano, tsy vita tsy hifanakonana" io, Tompokovavy sy Tompokolahy manatrika atrehina.

Ianao io, ianareo ireo, isika rehetra malagasy tsy vaky volo : hitondra avo hatrany ny hasin'ny Tanindrazana iombonana anie ka tsy handrarak'ilo mby an-doha. Tsy handrarak'ilo an-tany ny toro-hevitra mahaso rehetra , mba tsy ho tra-nenina any

aoriana any, ka ho tonga amin'ilay fitenenana hoe : "Banga vao miady taolana ary sola vao miady fihogo".

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Ny sandry maherin'Ilay Tsitoha anie, hivimbina lalandava ny Firenentsika.

Ho ela velona anie i Madagasikara, miray, mandroso ary mitraka.

